Ny Valosoa sy hadihady

Tetikasan-dRajoelina : petatoko ny IEM matoa nanao antso amin'ny atidoha

Raha ny tarehimarika mivaoka amin'izao fotoana izao dia manana « atidoha » (cerveaux) be dia be tokoa ity Firenena "mahantra" aratoetsaina sy ara-toekarena ity. Nanao antso 1.500 « atidoha » ('1.500 cerveaux) ny fitondrana ho fanatenterahana ny tetikasan'ny fiadidiana ny Repoblika. Efa ho valo arivo (8.000) ny Malagasy liana amin'izany, ka enimpolo sy efajato amin'ireo dia mihevitra fa mendrika ny toerana ho minisitra. Manaporofo koa izany fa betsaka ireo manampahaizana, be diplaoma, kanefa tsy manana asa. Tsy vitsy koa anefa ireo mitady ravinahitra any ivelany satria sady tsy mifanentana amin'ny fahaizany ny toerana sy ny karama omena azy. Ity toejavatra ity no antsoina hoe "fuite de cerveaux". Amin'ny ankapobeny koa anefa dia saika toerana ara-politika (postes politiques) no ametrahana azy ireny ary tsy maintsy izay satria ny mpitondra no miantso ary tsy maintsy olona azony baikona no hapetrany. Ny mahagaga ihany koa dia raha matotra ny tetikasa aroso dia efa tsy maintsy efa ao an-tsaina ny tontolo manodidina takian'izany: famatsiam-bola, teknisiana manam-pahaizana manokana amin'ilay sehatra, laharam-pamehana,…Matoa manao antso amin' ny "atidoha" ny fitondrana amin'izao fotoana izao dia heverina fa petatoko sy vonjy tavanandro ary an-kamehana ny nandrafetana ny IEM. Matoa tany Frantsa no nampahafantaran-dRajoelina Andry ny IEM dia "atidoha" tany izay tsy mahalala velively ny zava-misy sy ny kolontsaina ary ny soatoavina malagasy no nampanaovina azy. Tetikady politika nentina nisarika ny sain'ny gasy ihany ny nametrahana ireny vato fototra tamin'ireo làlam-pirenena sy nandraviraviana ny mponina momba ireo tanàna hatsaraina hitovy amin' ireo tanàna lehibe any ivelany. Amin'izao fotoana izao dia ihazakazahana indray ny fanorenana trano sosialy (logements sociaux), izay tsy hanova velively ny faripiainan'ny vahoaka velively. Raha tiana hisy fiantraikany eo amin'ny mponina ny tetikasa dia lohalaharana famoronana asa ho an'ireo very asa amana hetsiny maro nateraky ny fanonganam-panjakana tamin'ny 2009. Ny zavatra tsapa dia tsy misy intsony ilay saranga ara-tsosialy eo afovoany (petits bourgeois) satria lavaka mangotanatana no manelanelana ny mpanankarena, vitsy an'isa, sy ny vahoaka tsy mandady harona. Nidongy tetibola manokana (budget souverain) mitentina roanjato miliara ariary (200 milliards d'ariary) ny ao amin'ny fiadidiana ny Repoblika hanatanterahana ny IEM, kanefa gaga sy sorena anefa ny sendikan'ny mpiasa, indrindra ny mpiasa any amin'ny orinasa tsy miankina, raha nandre fa ho raofin'ny mpitondra entina hanatanterahana ny IEM idray ny latsakemboka alohan'ny mpiasa sy ny mpampiasa ao amin'ny Cnaps. Mbola tsy ampy angamba izany, ka dia ho toy izany koa ny petrabolan'ny olontsotra ao amin'ny "Caisse d'Epargne". Manaporofo ny fanaovana tsinontsinona ny mpiasa izany satria avy amin'ny hatsembohan'ny tavany no nangalana ny latsakemboka ary fitsinjovana ny fahanterany izany, izay ambim-bava kelin'ny olontsotra no mba hateriny ho tahiry any amin'ny "Caisse d'Epargne" ho fitsinjovana ny tampoka mitranga. Hiantsoana vahiny izany ny fanorenana ireo trano mijoalajoala sy ny trano sosialy satria tsy manam-bola akory izany ny fitondrana, ka dia ho lasan'ny vahiny ambongadiny ihany ny tany rehetra eto amin'ity Nosy ity. Azon'ny mpitondra hatao koa ny mikaoka ny vola miditra amin'izay hetra miditra satria efa azy rahateo izany, ka azony hampisaina amin'izay rehetra mety mahasoa azy. Efa mahantra fadiranovana ny vahoaka kanefa mbola tadiavina hatao kizo fara ihany koa ny fiainany. Efa manohitra izany fanapahankevitry ny fitondrana izany ny vondron'ny sendika, ka asa raha hahay haneho firaisan-kina hanoherana izany na mbola hisy hitsivalam-pandry indray rehefa tambatambazana amin'ny patsa indray mahandro.

Andry Tsiavalona

Depiote Feno Ralambomanana

Nanolotra vary ho an'ireo traboina ao amin'ny Boriboritany faha3

Tsy nijery fotsiny ireo traboina ao amin'ny boriborintany faha 3, kaominina Antananarivo Renivohitra, ny depiote avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), voafidy tao amin'ity boriboritany ity, Feno Ralambomanana, fa nanolotra vary ho an' ireo tokantrano maro ao amin'ny fokontany 9 ao amin'ity boriboritany ity . Fokontany Andravoahan-gy Atsinanana, tsena , Andrefana ; Ampandrana An- drefana, Besarety Atsinanana , Betongolo, Besarety tsena ary Soavinan- driana, no nisantatra iza-ny araka ny fanambarà-na, fa mbola ho avy ny fokontany hafa traboina vokatry ny ranobe farany teo ireny. Na dia tsy eto an-toerana aza ny depiote dia mahatsiaro hatrany ireo traboina ny tenany, ka izay no nanira- hany ireo mpiara-miasa aminy nanolotra ireo vary milanja 2000 kg ireo. Naneho ny hafaliany ireo traboina amin'izao fanomezana nataon'ny depiote izao, satria zavadehibe aminay hoy izy ireo ny fanomezana vary nataony amin'izao fahasahiranana mahazo anay izao. Na teo aza ny fandraràna sy fepetra nataon'ny fanjakàna mikasika ny fizaràna fanomezana ho an'ny traboina dia tsy nahasakana ny depiote Feno Ralambomanana hanolotra vary ho an'ireo mpiray tanindrazana aminy izany , ary tsy nahasakana ireo traboina tsy ho tonga tao amin'ny QG ny antoko TIM tao Bel'air, nandray fanampiana avy any ami-ny. Nandritra izany dia tonga tao an-toerana iha-ny koa ny filohan'ny vondron'ny mpanohitra eto amintsika, avy amin'ny RMDM, Marc Ravalomanana, nankahery ireo traboina .

Helisoa

TONONKALO

VAO MANOMBOKA NY TAONA

Vao manomboka ny taona dia miseho ny zara vilana.
Tena hita miharihary ny mizàna mitongilana.
Ny mpampianatra hatrany no mazàna "tratra farany",
Ary indrisy "sisan'olona" no nomena mba ho anjarany!

Vao manomboka ny taona dia miseho ny fangalarana.
Efa nihodina ny vola tamin`ny seha-pampianarana.
Tena tsy mazavazava fa nitranga ny "avakavaka",
Ny amin`ilay hoe fanomezana, dia ny "harona voaravaka".

Vao manomboka ny taona dia miseho ny gidragidra.
Eo ny tongo-bakivaky izay nivadika ho dridra.
Ny mpitondra ery ambony, indreo miletra sy mandàny,
Saingy roahina ny mpiasa, "nodakana" ireo ambany!

Vao manomboka ny taona dia mandainga ny filoha,
Fa tsy nitàna irony teny nolazainy tany aloha.
Ampanofaina indray ny tany na totofana, tsy ierana.
Indreo mandidy dia mihinana ny mpitondra fanjakana !

Vao manomboka ny taona dia tsy misy zava-banona.
(Re fa hoe nafindra toerana, hono, ranona sy ranona)
Toa tsy zakan-dry "zavavy" irony "kiana" sy "tsikera",
Nefa anie dia ao anaty sehatry ny serasera!

Vao manomboka ny taona dia voaroaka ireo mpivarotra.
Tsisy fitsinjovana azy na dia eo ny fiainan-tsarotra.
Tsisy izay mba vahaolana na mba sombim-piantrana,
F'efa tena "tsisy maso, tsisy fo" ny fanjakana!

Vao manomboka ny taona dia manjombona ny lanitra,
Fa atao an-jorom-bala, tsisy lanjany Andriamanitra !
Alahady, fitsaharana, saingy indrisy toa hadino,
Fa indreo namboly hazo ireo mitonona ho "mpino" !

DADAN'i ZINA (22/01/20)

Firenena Mikambana

Mamono antoka ny solontenany ao amin'ny PNUD

Fanaovana tsinontsinona ny vahoaka Malagasy ny fanambarana nataon'ny solontenan'ny Pnud, na ny Fandaharan'asan'ny Firenena Mikambana momba ny Fampandrosoana, Ramatoa Marie Dumond, izay sahy milaza ho afapo tamin'ny zotram-pifidianana teto amin-tsika tao anatin'ny roa taona, kanefa tsapany ihany fa tena tsy nandeha tamin'ny laoniny ny fifidianana dia mody niteny izy hoe: misy ny tokony hamboarina amin' ny manaraka.

Izy roalahy tompon'andraikitra tsy afa-miala tamin'ny fisian'ny hosoka sy hala-bato dia Ingahy filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC), sy Ingahy filohan'ny Vaomierampirenena Mahaleotena Misahana ny Fifidianana (CENI) koa dia manaraka izay lazain'ilay vahiny, dia samy mody milaza hoe ekena fa nisy ny lesoka, fa tsy maintsy jerena izay hanarenana azy.

Ny sary famantarana ny PNUD.

Ny tena marina sy hita mibaribary dia tena nisy ny hosoka sy ny fitanilana, ka tsy vitan'ny fialana tsiny ambava fa tokony hahatsapa tena ireo tompon'andraikitra ireo, satria nampanaovina fianianana anie izy ireo vao afaka nanao ny asany e! ka raha tena olompirenena vonon-kijoro dia tokony ho sahy mametra-pialana , volabe koa no lany nanaramana azy ireo, ka raha nahatsapa fa nanao hadisoana dia tokony ho vonona hamerina ny volambahoaka ary indrindra ho sahy hitolobatana any amin'ny mpitandro filaminana sy ny fitsarana, satria nahavita hadisoana goavana teto amin'ny firenena, aoka atao an-tsaina fa ny hadisoana vita tamin'ny fifidianana dia tsy azo ivalozana ho an'ny firenena repoblikana toa antsika.

Kanefa azo antoka fa tsy hisy ho ataon'izy roalahy ireo voalaza ireo, fa vao mainka aza hanamarintena sy hidera-tena ho nahavitabe tamin'ny firenena, ka voaporofo izao fa tena adino tanteraka ilay fianianana natao.

Fa ny tena mahakivy dia ilay fanazavana nataon' ilay ramatoa solontenan' ny Pnud , satria tompon' andraikitra voalohany avy amin'ny Firenena Mikambana anie io Marie Dumond io, aoka tsy hadinoina koa fa feno75 taona amin'ity taona 2020 ity ny Firenena Mikambana, noho izany ity fikambanana iraisampirenena faratampony ity mihitsy no maty hasina.

Firenena mandoa latsakemboka ara-dalàna ao amin'ny Firenena Mikambana i Madagasikara noho izany mendrika ny hisitraka fifidianana madio sy mangarahara ary manana andraiktra amin'izany ny Firenena Mikambana, amin'ny alalan'ny Pnud kanefa izay niasa teto amintsika nanomboka tamin'i Ramatoa Fatma Samoura dia nandiso fanantenana avokoa ary mamono antoka ny Firenena Mikambana.

Ny Valosoa